Rolly Mercia sy Onitiana Realy

## Nandiso fanantenana ny mpiasa sy ny mpanao gazety 3

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 9 jona 2018 Laharana 775 Vidiny : 400 Ar

**Isaia 40: 31** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

### Tolona kianjan'ny 13 mey 2

# Tsy mijanona raha tsy azo ny fitakiana




### Avy any am-pianarana 6

# Tsy rony tsy ventiny torana ilay tovovavy



**TRANOMBAROTRA BAOLAI** 5

## Fihenam-bidy samihafa amin' ireo fahitalavitra fisaka rehetra



**Lisea Amparafaravola** 6

## Nisy namafy maloto tao an'efitrano fianarana

**Didier Radert, Antsirabe** 3

## Nanome vahana ny tsy fanarahan-dalàna ny HCC

**Jeunes Leaders Pro-Ravalo** 2

## Hihaona voalohany etsy amin'ny Magro Behoririka

**Daka kely**

Mirôzirôzy farany ve Raforce rehefa tsy tafa intsony a !

**Mondial 2018** 4

## Kianja miisa 12 no handray ireo lalao miisa 64



KIANJAN'NY 13 MEY

## Tsy mijanona ny tolona raha tsy azo ny fitakiana rehetra



Mbola mitohy ny tolona ataon'ny vahoaka Malagasy ho an'ny fanovàna teny amin'ny kianjan'ny 13 mey. Maro ny kabary nifandimbisana nataon'ireo depiote sy ny sendika maro samihafa izay niraisan'izy ireo feo tamin'izany fa tsy tokony hisy minisitra HVM ao anatin'io governemanta vao hitsangana eo io satria, izay no voalazan'ny didin'ny HCC. Mandeha ny resaka fa rehefa tafatsangana eo ny Governementa dia hijanona ny tolona. Tsy marina izany, tsy mijanona ny tolona raha tsy mivaly ny fangatahana rehetra, raha tsy misy koa ny tena fanovàna eto amin'ny firenena na olona io na ny fomba fiasa na tafatsangana aza ny Governementa. Mbola miziriziry hitazona minisitera marobe ry zareo ao amin'ny fitondrana HVM, nefa tsy manana solombavambahoaka na dia iray akory aza tamin'ny didy navoakan'ny CES tamin'ny 2014. Raha vao tsy manaraka ny didy navoakan'ny HCC farany teo araka ny fangatahampanazavana nataon'ny fitondràna HVM ny filoha Rajaonarimampianina dia azo hatao tsara indray ny mangataka ny fanesorana azy eo amin'ny toerana maha filohampirenena azy, hoy ny mpandahateny. Teny manokana ho anao Andriamatoa Filoha hoy izy ireo, mbola tsy fantatra koa raha hiditra ao anaty Governemanta ny Depiote ho an'ny fanovana na tsia satria dia mbola ady saritaka hatramin' izao ny fananganana azy nohon'ny fitiavan-tseza, ka ho hitantsika anio hariva (zoma io) ny fandehan'ny raharaha mikasika ny Governemanta vaovao, mbola tsy manankolazaina aloha izahay amin'izao fotoana izao hoy hatrany ny tenin'ny depioten'ny fanovàna. Fehiny dia mitohy anio sabotsy 09 Jona ny tolona, tsy mijanona raha tsy tratra ny tanjona. Mandray anjara mavitrika amin'ny hetsika hatrany koa ny mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), hita teny antoerana koa omaly ny senatera Lilyson de René.

***Helisoa***

Zafilahy Stanislas

## Manamafy ny fanohanana ireo depiote 73 ny mpomba an'i Dada

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena indray ny depiote teo aloha avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany amin'ny distrikan'i Vavatenina, faritra Analanjirofo, Zafilahy Stanislas. Miaiky ny rehetra ankehitriny hoy izy, na ny eto an-toerana, na ireo malagasy any ivelany, indrindra fa ny sehatra iraisam- pirenena, fa matanjaka ary mbola be mpankafy i Dada. Izany rehetra izany anefa dia vokatry ny firaisankina misy eo amin'ny mpomba azy sy ny fahendrena efa raikitapisaka hatrizay amin ' ny olona mpomba ity filoha nasionalin'ny antoko TIM ity. Tsy tia mamaly faty fa notezaina amin'ny fiarahana mandray andraikitra ho fanarenana indray ity tanindrazana iombonana ity. Manantena izahay hoy ihany ny depiote Zafilahy, fa ho hamafisina bebe kokoa amin ' ny fahatongavana maro dia maro eny amin'ny kianja Magro Behoririka izany mialoha ny hihazoana ny kianjan'ny 13 mey Analakely isan'andro manomboka amin'ny 11 ora, ho fandraisana anjara amin'ny fanovana iarahana amin'ny depiote 73+ senatera 05. Ny asan-jaraina mora vita hoy ihany ity mpanao politika ity.



*Ny depiote Zafilahy Stanislas (afovoany manao folara).*

***Ny Valosoa***

Jeunes Leaders Pro-Ravalomanana

## Hihaona voalohany etsy amin'ny Magro Behoririka



*Ny sasany amin'ireo ao amin'ny fikambanana Jeunes Leaders Pro-Ravalomanana.*

Mijoro amin'izao fotoana izao ny Jeunes Leaders Pro-Ravalomanana, na ny fikambanan'ireo tanora mpitarika, miara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana. Ireo tanora rehetra liana hiditra amin' izany fikambanana izany dia hasain'izy ireo, araka ny fanambarana nataony: ho avy ny fotoana hijoroana sy hisehoana amin'ny be sy ny maro, vonona ary tsy mihemotra ny Tanora manohana ny Filoha Marc Ravalomanana amin'izay adidy rehetra ho atao, indrindra ny fiatrehana ny fifidianana ho avy, sy ny ho fampandaniana ny Filoha Ravalomanana ho Filohampirenena indray. Ka noho izany hoy ny fanambarana ihany, anio ssabotsy 09 Jona 2018 no fotoana voalohany ao amin'ny Magro Behoririka amin'ny 10 ora maraina, ka ho porofoin'izy ireo amin'ny olon-drehetra amin'izany fa mijoro ny Jeunes Leaders Pro-Ravalomanana.

***Isambilo***

Ambasadin'i Etazonia

## Miantso ny rehetra hanaja ny rindran-damin'ny lalam-panorenana

Manoloana ny toe-draharaham-pirenena amin' izao fotoana, indrindra ny fanendrena ny Praiministra vaovaon'ny marimaritra iraisana, dia misy ny fanambarana avy amin'ny Ambasadin'i Etazonia eto Madagasikara. Miarahaba ny Praiministra Ntsay Christian ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara noho ny fanendrena azy hitana io andraikitra io ny 4 jona lasa teo. Mankahery azy ihany koa amin' ny fahavononany hanomana "fifidianana handraisan'ny rehetra anjara, mangarahara, azo antoka ka ho eken'ny rehetra", araka ny nambarany nandritra ny lanonana famindram-pahefana. Miantso ny rehetra hanaja ny rindran-damina izay voalazan'ny lalam-panorenana, ka tafiditra ao anatin'izay ireo didy izay navoakan'ny fitsarana sy ny fandaminana ara-potoana voarakitr'izany. Izahay dia manamafy hatrany ny fanohanana ny vahoaka Malagasy ary manantena ny hisian'ny fifidianana malalaka, tsy mitanila, ary handraisan'ny rehetra anjara amin'ity taona 2018 ity.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Aretina mikiky ny mpanao politika Malagasy ny fivadibadihana

Tsy mbola sitrana mihitsy ity aretin'ny fivadibadihana ity raha ny fanaovana politika no resahana. Tsy fantatra raha mba misy an'izany any amin'ireo firenena any ivelany na tsia, fa ny eto Madagasikara dia toa efa fiainana isan'andro mahazatra. Tsy ny fotokevitra no mibaiko fa ny fitiavantena, ka tsy mahagaga raha mivaralila ny fiainam-pirenena. Tamin'ny listra tsy miankina no nahalany Solombavambahoaka sasany kanefa tsy rony tsy ventiny teo dia lasa Hvm hono. Rehefa tonga ny fizarana Ministera amin'izao Governemanta vaovao izao dia mbola miady mafy ireo izay milaza fa Hvm mba hahazo Ministera. Dia hoy isika manao hoe : Sao dia heverinareo Hvm fa sanàna ary ny mpitolona eo amin'ny 13 Mey. Tsy fananareo Hvm akory ny fitondrana sy ny Ministera isanisany fa rehefa tonga ny fotoana dia tsy maintsy miala. Na inona na inona resaka atao etsy sy eroa dia nampiova zavatra ny tolona notarihan'ny Solombavambahoaka 73. Tokony halentika tsara ao an-tsain'ny taranaka fa tsy mety ny mivadibadika amin'ny hevitra izay ijoroana, tsy mety koa ny mivadibadika eo amin'ny fiainana satria ny fivadibadihana dia mahatonga ny mpiray tanindrazana tsy hahatoky anao intsony.

***Rina Rabemananjara***

Sendikan'ny artista

## Manolotra an'i Rossy ho ministry ny kolontsaina sy vakoka

Anisan'ireo depiote 73 ho amin'ny Fanovana, mitarika ny tolona etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely hatramin'izao ny mpanakanto Rossy. Manoloana izay tolona ataony izay, ny sendikan'ny artista eto Madagasikara dia manolotra andRahasimanana Paul Bert na i Rossy ho eo amin'ny toeran'ny minisitry ny kolontsaina sy ny vakoka. Araka ny fanambaran'ny solontenan'ireo artista, niady mafy tokoa izy tao anatin'ilay tolona ka mety ho azo antoka ihany no haha-voatendry azy ho mpikambana ao amin'ny governemanta Ntsay Christian, izay rahateo ny fangatahan'ireto artista ireto amin'ny lehiben'ny governemanta vaovao. Izay izany vao hisy minisitra Rastaman eto Madagasikara, amin'izao fotoana izao dia efa misy ny depiote Rastaman, dia izy ihany, efa mpanao lalàna eny anivon'ny anivon'ny Antenimierampirenena Malagasy.

***Isambilo***



*Ny depiote Rossy, na Rahasimanana Paul Bert.*

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andraina R**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rolly Mercia sy Onitiana Realy : nandiso fanantenana ny mpiasa sy ny mpanao gazety

Tsy vitsy ny mpanao gazety lasa nitantana andraikitra ambony eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena hatrany amin'ny Repoblika voalohany ka hatramin'izao. Misy anefa dia mandiso fanantenana ny vahoaka Malagasy ny zavatra ataon'ireny mpanao gazety nahazo seza ireny, satria tsy arakarak'ilay fahaizana miteny sy nitatatata ary nanoratra tao anaty Radio sy Tele ary gazety no atao. Milaza ny marina sy ny zavamisy no andraikitry ny mpanao gazety izay lazaina amin'ny teny teknika hoe milaza ny FAITS saingy tsy izany no ataon'ny mpanao gazety nahazo seza. Aretina mpahazo ny Malagasy sasany ny fiovan-toetra sy fihetsika sy fomba amam-panao rehefa mahazo seza eo amin'ny fitondrana noho ny fitiavam-boninahitra sy ny fitiavam-bola. Aleo tsorina fa mizaka hazo fijaliana ny mpiasa sasany amin'ny Ministera izay Mpanao gazety teo aloha no Ministra ao aminy nandritra ny fitondran'ny Hvm. Marina fa efa rava ny Governemanta Mahafaly, tonga rahateo ny Praiministra vaovao Ntsay Christian, saingy ny mahagaga sy mahatalanjona dia ny fihetsiky ny Ministra mpanao gazety lany daty sasany izay mbola mizahozaho any amin'ny Ministera nisy azy fa tsy misy afaka manala azy ireny eo amin'ny toerany hono. Fampandehanan-draharaha sisa ny anareo ary azo adika koa hoe : Ministra latsaka fahefany ary ny tsy feno ihany no mikobana. Mpanao gazety ny Ministra nisahana ny Ministeran'ny Mponina, Mpanao gazety ny Ministra nisahana ny serasera izay nandrenesana fitarainana marobe avy amin'ny mpiasa izay nosahaniny. Ny tsara ho marihana dia tsy niasa irery akory ny Ministra fa misy olona tena atokisany, izay azo lazaina mihitsy hoe tambazotra matanjaka. Raha sanatria ka tsy miala eo amin'ny toerany ny Ministry ny Mponina sy ny Ministry ny serasera dia azo antoka fa tsy hanaiky ireo niharan'ny tsindry hazo lena. Na natao aza ny fanafenana izay zavatra tsy nanjary tamin'ireo Ministera ireo dia efa manomboka manatsikafona ny mpiasa tao amin'ireo ministeran-dRolly Mercia sy Onitiana Realy ireo. Tena nandiso fanantenana ny mpiasa sy ny mpanao gazety izy ireo. Tratra ny nafenina hoy ilay fiteny malaza. Manomboka atsikafon'ny mpiasa ny tsy zavatra tsy nety samihafa nataon'ireo ministra ireo ankehitriny. Na inona na inona anefa fivoaran'ny raharaham-pirenena dia ilaina hatrany ny fanaraha-maso sy ny fitandremana satria misy ohatra ny olona mody mitolona eo amin'ny 13 Mey kanefa manao sotrobe lavatango any amin'ireo Ministra lany daty sy ny ekipany. Dia hoy isika manao hoe, rehefa miala ny Ministra dia mila miala koa ireo rehetra mpiray tsikombakomba ratsy taminy, izay vao milamina ny asam-panjakana sy ny asambahoaka, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Didier Radert, Antsirabe

## Nanome vahana ny tsy fanarahan-dalàna ny HCC

Saika ampoka fanehoan-kevitra isan-karazany etsy sy eroa, taorian'ny fanendrena ny Praiminisitra Ntsay Christian, hanangana ny Governemantan' ny fanovana, sy hikarakara ny fifidianana heverina hitondra fitoniana indray ho an'i Madagasikara. Raha ny fahitan'Andriamatoa Didier Radert, mpikambana tamin'ny Kongresin'ny tetezamita teo aloha dia hita aloha fa tena olona teknisianina ny Praiministra vaovao. Heverina fa tsara kokoa amin'ny tranga miseho amin' ny firenena ny hitantanan'ny teknisianina ny fanarenana ny



firenena ary hatramin'ny Minisitra aza dia tokony ho toy izany ihany koa mba ho afaka hanomana tokoa ny fifidianana. Ny mampanahy mantsy dia ahiana ho ady seza sy savoritaka indray ny hanaovana ny toeran'ny minisitra satria efa seza no andrasan'ny mpanao politika. Ho azy dia minisitra 15 eo ho eo dia tokony ho ampy amin'ny fikarakarana ny fifidianana satria manana olona tena teknisianina be dia be i Madagasikara satria raha ny mpanao politika dia ny habetsaky ny seza no mahamaika an'ireo ary hiafara amin'ny tetezamiitatra indray io. Amin'Andriamatoa Didier Radert dia mbola mampisalasala amin'ny mety hamahana olana hoan'i Madagasikara ihany ny firosoana amin'ny fifidianana satria raha ny zavamisy hatramin'izay dia tsy mbola nahavaha olana ny fifidianana satria olona tongatonga ho azy teo ny mpitondra satria izay nahavidy olona no lasa filoha. Mikasika ny Praiminisitra izay malaza fa olon'ny vondrona iraisam-pirenena dia nambarany fa mety ho marina izany satria ny samy Malagasy dia tsy nahay nifampiresaka ka nanery ny vondrona iraisam-pirenena nandray fepetra mba tsy hiitaran'ny krizy, izay azo lazaina fa mahamenatra ihany izany. Ny olana mantsy hoy izy dia saika ireo dinozoro politika hatrany no mipoitra sy mitady seza raha vao mikorontana ny firenena, ka angamba efa tena tokony hiova tanteraka ny fanaovana politika eto Madagasikara. Ity krizy ity raha ny nambarany dia tsy io hetsiky ny Depioté 73 io akory no fototry ny olana fa efa nialoha ny nanendrena ny Praiministra Mahafaly Solonandrasana no efa nitranga ary efa nisy tamin'izany ny fanesorana ny filoham-pirenena fa nolavin'ny HCC ary dia io niverina io ihany ny olana ary mbola fanapahan-kevitra politika aza io noraisin'ny HCC io, fa tsy mbola ara-dalàna satria manome vahana ny tsy fanarahan-dalàna. Ny antony dia olana tamin'ny tsy fanarahan-dalàna no nitoriana ny filoham-pirenena ka tokony nofaizin'ny lalàna izy fa tsy olana politika akory no nitoriana azy. Mikasika ny hetsika sendikaly dia efa hatramin'ny tetezamita no nisian'ny fitakiana toa io saingy namono afo sy nampanantena ny kandidà Hery Rajaonarimampianina fa hamaly izany rehefa lany eo saingy poak'aty avokoa ny nolazainy raha tsy hilaza afa-tsy ny déléstazy izay nolazainy fa 3 volana kanefa tsy vitany dia nararaotin'ny sendika ny hetsiky ny solombavambahoaka, rariny ny azy. Ho an'ity mpanao politika tanora ity dia mbola lavitrezaka ny fanovana satria mbola ny toe-tsaina amin'ny fitadiavantseza mihitsy aloha no ovaina sy esorina ao an-tsain'ny mpanao politika satria tsy afaka handroso mihitsy i Madagasikara raha tsy izay aloha no miova.

***Lezama***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Vola sy fotoana very maina ny fandaharana Fotoambitan'ny Filoha Hery R.

**Arp Helisoa :** vola sy fotoana very fotsiny ny fandaharana Fotoambitan'ny Filoha Hery Rajaonarimampiesona. Ajanony prezidà ilay fotoambita fa fandaniambola fotsiny a! ianao anie ka tsy misy mpihaino akory e! Tsy aleo ve omena ny mahantra ny vola lany amin'ny haino amanjery marobe handefasana azy ireny e?

**Jean Marc Rakotomanana :** manjary tsy misy asa ny sous-traitants kely = média consulting raha hajanona io, saosy ifampizaran'ny samy mpitondra io e !

**Andry Marodera :** ny Fitondrana be marenina tsy mety mihaino ny fangirifirin'ny vahoaka dia tsy maintsy mirodana ho azy! ka manentana ireo izay mieritreritra ny haka fahefana mba handinika dien'izao izay anasoavana ny vahoaka, fa tsy mety ny manao kely tsy mba mamindro, sy vaindrahalahy tsy mba marary, ny soa atao ange levenambola e! fa ilay karama volana Mey vao mody ampiakarina loza mihantona, soa kenda mba hahay hitsako e!

**Tiana Sembic :** efa tsy president tsony io fa marionette, fa mbola te hanao ankisisika am fitondrana sy handika lalàna: specialité-ndRajao zany.

**David Ran's :** nga iz mandoa vola moa fa.ts azy ihan ve io Chaine tv io e ?

**Davidson Andrianavalona :** tsy misy zavatra bôjy izany fa tsy maintsy handoavam-bola, inona no handoavana ny karaman'ny mpiasan'ireny raha gratuity ny fandaharana halefa ao na an'ny Filoha aza.

**Cedric Ramaroson:** efa tsisy fahefana tsony Rajao, fa filoha mihantona ery ambony ery to any nahazo an-dRatsiraka tamin'ny 1991 io.

## NY TENY FIAINANA

*Matio 6:25*
*Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: aza manahy ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin'ny tenanareo, dia izay hotafianareo. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana?*

SEFAMP FFKM

## Araraotina amin'ny tsy fahalalany sy ny fahantrany ny vahoaka

Ny Solotenan'ny SEFAMP avy amin'ny EEM, EKAR ary ny FJKM, manoloana ny zava-misy amin'izao fotoana izao dia hanatanteraka velankevitra eny amin'ny EKAR Faravohitra anio sabotsy 09 jona 2018 manomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Ny SEFAMP na ny Sampan'asa Ekiomenika Momba ny Fampandrosoana dia ivondronan'ireo fiangonana efatra ao anatin'ny FFKM. Osa ny firenena hoy izy ireo manoloana ireo hery ara-toe-karena mitrandraka sy mivelatra eto amintsika. Mitanila ny fiharian-karena, mampiaiky volana ny fahantran'ny malagasy sy ny fiakaran'ny vidim-piainana. Mampitombo ny fahasahiranan-tsain'ny Malagasy ihany koa anefa, hoy izy ireo, ireo lalàna roa dia ny loi sur les proprieties privées titrées sy ny loi sur les zones economiques speciales izay lalàna hita miharihary fa hoentina hangalarana ankolaka ny tanin'ny Malagasy. Tanjona amin'ity velan-kevitra izay hotanterahina anio ity ny hanaitra ny kristianina sy ny fiangonana hahafantatra mazava ny zava-misy avy amin'ny asa fandalinana siantifika, mazava sy marim-pototra. Misy ireo vokatra andrasan'ireo mpamelabelatra aorian'ity velan-kevitra ity dia mba hananan'ny FFKM antontan-kevitra sy antontan'isa marim-pototra momba ny raharaha aratoe-karena sy sosialy eto amin'ny firenena, ahazoana fototra iraisana entina miatrika ny andraikiny isanisany avy ny sampanasa isam-piangonana, mba hiha-hatanjaka ny fiombonan'ny fiangonana efatra miatrika ny fanpandrosoana eo amin'ny SEFAMP ary ihany koa mba hazava amin'ny mpanatrika ny sehatra rehetra saro-pady sy tokony haraha-maso.

***Ny Valosoa***



*Ireo avy amin'ny SEFAMP- FFKM.*

## TONONKALO

### Kirizy vaovao indray

Ady seza no mafotaka, ady seza no mibahana,
Fa tsy misy zava-banona raha lazaina sy tenenina.
Tena fitaka be vava ireo ilay hoe fifanarahana,
`Zay natao an-katakonana sy nezahina nafenina.

Ny vahoaka no mijaly, reraky ny fitakiana,
Nefa indrisy fa dia tena nodisoina ny safidiny.
Ireo mitonona ho mpitarika, be no tsy azo itokiana:
"Ny fanahiny" mihitsy, izany izao no efa namidiny!

Ireo ilay hoe "mpitsara avo", mitanila hatrany hatrany.
(Marobe ireo niaka-pofona tamin`ny didy izay nivoaka.)
Azo antoka amin`izao fa tsy hilamina ny tany,
Miakatra ny maripàna, tsy manaiky ny vahoaka.

Tonga indray ankehitriny ny kirizy vaovao
Satria ireo mpitsara avo dia nanao ny tsy fanao.
Mila miala ianao Rajao, tsy ampitso fa izao dia `zao
Raha mbola tsapanao fa misy fahendrena ao aminao.

***DADAN`i RIANA (06-06-18)***

MONDIAL 2018

# Kianja miisa 12 no handray ireo lalao miisa 64

Rina Rabemananjara



Ny kianjan'i Saint Petersbourg.

12 ireo kianja handray ny Mondial andiany faha-21 any Rosia izay ampahafantarina antsika. Marihana fa midadasika ny Federasionin'i Rosia ka izay noezahan'ny tomponandraikitra any an-toerana, natao tsy dia hifanalavitra loatra ireo kianja hilalaovana. Mizara 4 ny faritra misy ireo kianja ireo raha ny saritany no jerena. Any amin'ny faritra avaratra andrefana no misy ny kianjani Kaliningrade, Saint Petersbourg ; ao amin'ny faritra afovoany no misy ny kianja 2 ao Moscou, Nijni Novogograd ; any amin' ny faritra atsinanana kosa no misy ny kianjan'i Saransk, Kazan, Samara, Lekaterinbourg ary any amin'ny Faritra atsimo no misy ny kianjan'i Volgograd, Rostov-sur-le-Don, Sotchi.

Raha ny kianjan'i Samara dia 45 000 ny mpijery zakany. Nanomboka tamin'ny 21 Jolay 2014 ny asa fanamboarana ary nifarana ny 21 Aprily 2018.

Ny kianjan'i Nijni Novgograd dia 45 000 ny mpijery zakany. Nanomboka ny 2015 ny asa ary nifarana ny 2017.

45 000 ny mpijery zakan' ny kianjan'i Volgograd Arena. Marihana fa teo amin'ny kianja teo aloha atao hoe Centralnyi no nanaovana ity kianja ity ary ny 3 Aprily 2018 no nanomboka nampiasaina.

Ho an'ny Ekaterinbourg Arena dia 35 000 ny mpijery zakany. Fanavaozana no natao tamin'ity kianja ity ary nifarana tamin'ny Desambra 2017 ny asa.

Mahazaka mpijery 44 000 ny kianjan'i Mordavia Arena ao Saransk. Tamin'ny taona 2017 no efa vonona ho an'ny Mondial ity kianja ity

45 000 ny mpijery zakan' ny kianjan'i Rostov Arena. Manamorona ny reniranon'i Don ity kianja ity. Nisy ny fanamboarana natao, izay nifarana ny 22 Desambra 2017.

35 000 ny mpijery zakan' ny kianjan'i Kaliningrad. Ny 11 Aprily 2018 no nilalaovana voalohany ity kianja ity.

Ho an'ny kianjan'i Kazan Arena dia 45 000 ny mpijery zakany. Natsangana nandraisana ny Universiade 2013 ity kianja ity ary voafidy handray ny Mondial 2018 taty aoriana. Ny ekipan'i Rubin Kazan no mampiasa ity kianja ity.



Ny kianjan'ny Spartak ao Moscou.

45 000 no zakan'ny kianjan'i Spartak. Ny ekipan'i Spartak de Moscou no mampiasa ity kianja ity.


FICHT no fiantso ny kianjan'i Sotchi. 45 000 ny mpijery zakany. Efa nandray lalao Olimpika amin'ny tany mangatsiaka ary anisan'ny voafidy handray ny Mondial. Kianja izay nasiana fanavaozana.

Kianja azo hambara fa lehibe any Rosia ny kianjan'i Saint Petersbourg ankoatra ny kianjan'i Lujniki. 67 000 ny mpijery zakany.Ny taona 2007 no nanomboka ny fanamboarana ary nifarana ny 29 Desambra 2016. Fantatra fa handray ny Euro 2020 koa ity kianja ity ankoatra ny Mondial.

Ny kianjan'i Lujniki ao Moscou no hanatanterahana ny famaranana amin'izao Mondial 2018 izao. Ity kianja ity no lehibe indrindra any amin' ny Federasionin'i Rosia. 80 000 ny mijery zakany. Nasiana fanatsarana ity kianja ity ary anisan'ny voasoratra ao anaty tantara satria efa nandray ny lalao olympika tamin' ny taona 1980 fony mbola Firaisana Sovetika na URSS teo aloha, ka nampanakoako ny anaran'i Bako Ratsifandriamanana, mpilomano kalaza Malagasy, tamin'ny fandrombahana medaly volamena teo amin'ny lomano tamin'ny sokajy nisy azy.



Ny kianjan'i Nijni Novograd.



Ny kianjan'i Samara.

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy tsaramaso indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo anato be rony, azo atao ketsaketsa ihany koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ireo aretina hafa sitran'ny ravina manga

Ankoatra ny ravina manga, mahasitrana aretina hafa koa ny ravina manga. Ny ravina manga ihany koa atsy Afrika dia fanafody entina hitsaboana:

-Tazo,
-Diarrhea (fivalanana),
-Insomnia(tsy fahitantory),
-Tosidrà miakatra,
-Asthma,
-Bronchite,
-Sery.

Afaka hamainina amin'ny aloka ny ravina manga dia poretina amin'ny tanana; rehefa maina dia afaka atao dite, ka 1/2 (atsasaky ny sotrokely) isan' andro no fatra azo ampiasaina.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny reniranon'i Mahavavy Sud any amin'ny faritra Boeny sy Betsiboka

Ny reniranon'i Mahavavy Sud any amin'ny faritra Boeny sy Betsiboka indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Mivarina any amin'ny Lakandranon'i Mozambika ity renirano ity, 410 km ny halavany, manondraka velaran-tany 16475 km2. Ireo tanàna tena ahitana ity renirano ity dia Sitampiky, Bekipay, Soarano.



## Isaia 40: 31

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***"Fa izay miandry AHY JEHOVAH dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra; handeha izy nefa tsy ho reraka" Isaia 40: 31***

Ry Malagasy rehetra ambany masoandro! Na ao an-toerana na any ampielezana rehetra any. Ho anao indrindra izao hafatra izao na antitra na tanora. Efa ela AHO JEHOVAH no naniraka ity mpanompoko ity, efa an-taona maro. Sehatra maro no efa novangiako nanambarako zava-miafina ny amin'ny ho avin'I Madagasikara, tao ny mpitondra firenena nifandimby, tao ny minisitra, tao ny mpandraharaha, tao ny mpanao gazety, tao ny tafika, tao ny tanora, tao ny vehivavy, tao ny lehilahy, tao ny olona tsotra izay mba liana ny amin'ny zava-miafin'ny FANJAKAKO, indrindra moa fa ireo mpanompoko isan-karazany, isantokony avy. Fantatro fa variana daholo e! fa izao : fanairana avokoa ireny taratasy nosoratako taminareo ireny, izay midika hoe MISY AHO ary VELONA JESOSY, tsy maintsy manatanteraka ny FANEKENA nataoko AHO, ary ny TENY FIKASANA tsy maintsy toviko. Nomery 23: 19-20. Ny dikan'ny lamba triatra tao amin'ny Tempoly raha nizara roa izany hatrany ambony ka hatrany ambany dia midika hoe : vita hatreo ny fomban'ny tany fa raisinay aty an-danitra amin'izay ny momban'ny zanak'olombelona sy ny tany izay onenany. Tamin'izany fotoana izany koa rehefa tapitra ny ain'I JESOSY ka maty IZY dia nihorohoro ny tany. Ny horohorontany dia misy dikany anankiroa : voalohany na milaza soa, faharoa na milaza loza. Tamin'ny andro nahafaty an'I JESOSY dia nisy famantarana be dia be izay nialohavan'ny horohorontany, nanambara soa izany horohorontany izany fa tsy nanimba zavatra.

Ry Madagasikara! Firenena nafenina sy saro-pantarina. Indro ary alohan'ny hanehoako zava-mahagaga sy saronpantarina ao Madagasikara dia hisy horohorontany avy any atsinanana mankany andrefana. Toy **izao no dikan'ilay soratra tsy hay vakiana**. Manoatra ny namoahako JEHOVAH ny zanak'Israely tao Egypta no hamoahako anao. Raha tamin'ny fizaram-potoana voalohany AHO nanangana ny zanak'Israely niaraka tamin'ny fahagagana sy famantarana maro, nisy horohorontany niaraka tamin'ireny rehetra ireny. Nosarahan'ny horohorontany ny ranomasina mena rehefa nanondro ny tehiny I Mosesy, niara-niasa na ny tany na ny rivotra. Eksodosy 14: 21-31. Tamin'ny fizaram-potoana faharoa dia ny fahafatesan'I JESOSY niaraka tamin'ny famantarana maro: Triatra ny efitra lamba tao amin'ny Tempoly, nihorohoro ny tany, nitresaka ny vatolampy, nisokatra ny fasana, nisy aizina koa. Matio 27: 51, 53. Ary ny hafatra napetrany teo amin'ny mpianatra sy ny Apostoly, Matio 28: 18-20, Jaona 17: 21 " *Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato Amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao amintsika koa izy, mba hinoan'izao tontolo izao fa Ianao naniraka Ahy.*" Talohan'ny nampiakarana AZY dia namepetra ny mpianatra JESOSY ka nanao hoe: Asan'ny apostoly 1: 2-9. Tamin'izany no nilazana ny amin'ny FANJAKAKO. Ny Apostoly nialoha lalana fa ianareo no hanangana. Fizaram-potoana fahatelo tonga AHO JEHOVAH, tonga ao Madagasikara amin'ny HERY, amin'ny FAHEFANA, amin'ny TENY FIKASANA ary amin'ny VONINAHITRA LEHIBE. Nifidy izany firenena izany AHO hanehoako fa MISY AHO ary VELONA JESOSY, Mpanjaka IZY, Mahery IZY. Ry Malagasy o! fantaro ny marina fa izao no andro farany. Aminao no hisehoako fa ho tanterahiko ny FANEKENA VAOVAO. Ny Apostoly nitory sy nanambara fa ho avy ilay FANJAKANA, indrindra fa I Jaona raha nitory tany amin'ny efitr'I Jodia ka nanao hoe : mibebaha ianareo fa efa akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra. Hoy AHO ao amin'I Isaia : amboary ny lalako JEHOVAH, ataovy mahitsy ny lalan-kalehako. Izao izany ry Malagasy a! tonga ny Fahamasinana, ny Fahamarinana, ny Famonjena, ny fanovana, ny fahazavana, ny famerenana amin'ny laoniny izay rava sy potika. Ravàko izao fombanareo olombelona izao. Fanjakan'I losifera no ravana ary ny Fanjakan'ny Lanitra no atsangana. Misy antony sy fotoanany ary misy dikany avokoa ny zava-drehetra. ***Hiara-hitontona ao Madagasikara ny zava-mahagaga, ny mahavery hevitra ary ny famantarana maro. Handalo ny hatsiaka mbola tsy nisy toa izany, ny tapak'I Madagasikara ho maina kina, ny tapany tondra-drano, ho roa ny mpitondra hampisara-bazana ny Malagasy izany, hisy fotoana tsy hisy mpitondra sy mpitantana ny Malagasy fa ambony ambany, ambany ambony ary dia hisy fandaminana tampoka. Madagasikara ve??? Amaharan'ny vahiny, iadivan'ny vahiny, hataony fahirano. Fa IZAHO JEHOVAH nanomana harena nafenina maro hampanan-karena AZY sy hahalohalaharana AZY fa miomana ry Malagasy hiady ho an'ny FANJAKAKO fa ianao no ho MODELIN'izao tontolo izao.*** Izao tontolo izao izay ho rotiky ny ady, loza, fifampiandaniana amin'ny endriny maro. ***Madagasikara ve??? Ireo horohorontany hisesisesy dia hamboatra zavatra maro, toy ny fanakisahana tany madinika (iles) hikambana amin'I Madagasikara.*** Hahagaga an'izao tontolo izao izany. Hiady hitondra an'I Madagasikara ny sehatra maro ka te- hanafatra anareo Malagasy AHO hoe : Samy tiako JEHOVAH avokoa ianareo fa miomana fotsiny amin'ny TALENTA, amin'ny FITIAVANA, amin'ny FAHAIZANA, FAHALALANA ary indrindra ny FAHENDRENA sy ny FIFEHEZAN-TENA, amin'ny FAHONONAN-TENA, amin'ny FANOLORAN-TENA ho an'I JESOSY MPANJAKA sy FANOMPOANA AZY. Hoy JESOSY : didy vaovao no omeko anareo dia ny mba hifankatiavanareo kosa. Jaona 13: 34. Mifankatiava haingana fa tonga AHO ry MALAGASY a!

Amen!

HALELOIA!

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

## Mpamonjy voina

# Matotra ny fiaraha-miasan'Antananarivo sy Kanada

Tsy ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ambaninjavatra ny fikarakarana ny Sampana Mpamonjy Voina na ny Pompier eto Iarivo Zava-dehibe amin'izany ny fampitomboana ny traikefa sy ny fampitaovana. Mamanarina izany ny fahatongavan'ireo Sapeur Pompier izay niofana tao amin'ny Collège Montmorency any Canada eto Madagasikara, mampita traikefa amin'ireo mpamonjy voina etsy Tsaralalana izy ireo nandritra ny tapabolana izay ary hifarana amin'izao fiafaran'ny herinandro izao. Arak'izany, matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny tanànan'Antananarivo sy i Kanada eo amin'ny resaka famonjena voina. Nanomboka tamin'ny taona 2016 no nisian'ny fiarahamiasan' ireto Kanadianina ireto tamin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ka nisongadina tamin'izany ny fampiofanana, nisy koa tao anatin'izany ny fanavaozana ny fifanaraham-piarahamiasa teo amin'ny 2 tonta. Miisa 14 ireto Delegasionina Kanadianina ireto izay tarihan'ny Kapiteny Bernard Christian, ankoatra ny fampiofanana dia nampiavaka ny fahatongavan'ireto vahiny ireto ny nanoloran' izy ireo fampitaovana mitentina 24 Tapitrisa Ariary, ao anatin'izany ny fitaovana momba ny fampianarana, teo koa ny latabatra 15 sy ny seza 30. Marihana fa anisan' ny mampiavaka ity fampiofanana nentin'ny Kanadianina ity ny fanomezana fahalalana ho an'ny daholobe momba ny tontolon'ny vonjy voina, hoy ny Officier Marc Antoine avy amin'ny Delegasionina Kanadianina sy ny Lietna Ralimbison Yves avy amin'ny Sampana Mpamonjy Voina eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, raha nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety izy ireo.

***Rina Rabemananjara***

## Tranombarotra Baolai

# Fihenam-bidy samihafa amin' ireo fahitalavitra fisaka rehetra

Maro be ny fety hankalazaina eto amintsika amin'ity volana ity. Ny Alahady 17 Jona 2018 ho avy izao ohatra ny fetin'ny ray, eo ihany koa ny fetim-pirenena. Fa ny tena mahaliana ny rehetra dia ny fetibe an'ny Baolina Kitra amin'ny alalan'ny « Fifa World Cup 2018 », izay ho tontosaina any Rosia manomboka ny 14 Jona 2018 ho avy izao. Tsy diso anjara amin'izany fankalazana ny fety samihafa izany ny Tranombarotra « Baolai ». Ho an'ny fetin'ny ray dia vao nahatonga entana maro izay lohalaharana amin' ny kalitao izy ireo, izay



***Karazan'entana hita amin'ireo Tranombarotra Baolai.***

azo hatao fanomezana soa amantsara toy ny Caméra de Surveillance à distance, Panneaux Solaires, Synthétiseur, Réfrigérateur, lecteur Divx/dvd, Subwoofer, fer à lisser (cheveux) etc... » « Ho fiarahana mifaly amin'ny daholo be amin' izao vaninandro fety izao, dia hisy ny fihenam-bidy samihafa amin' ireo fahitalavitra fisaka rehetra ato aminay manomboka izao, hatramin'ny 31 Jolay 2018 ho avy izao, izay samy misy antoka 1 taona avokoa ». Marihana fa ny marika Hisense izay mpanohana ofisialy ny « Coupe du Monde de Football 2018 », dia hita eny amin' ny magazay anay rehetra ao Bazar Be Toamasina, etsy Analakely : eo ampitan'ny « Epp », Avenue de l'Indépendance, Soarano : eo ampitan'ny Epp sy Firaisana ary ao amin' ny Seg » hoy ny tompon' andraikitra.

***Aly***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Cour martiale** : Fitsarana ambony ho an'ny miaramila rehefa misy korontana ao amin'ny firenena iray.

**Création monétaire** : Famoronana vola izay sahanin'ny banky na rafitra mpikirakira vola ( société financière). Ny famoronana vola dia vokatry ny fampindramam-bola nomena ny mpindrana. Izany hoe rehefa mampindram-bola ny banky dia manome volan'olona hafa ka rehefa mamerina ara-dalàna ny vola ny mpindrana dia voaforona ny vola vaovao avy amin'ny zana-bola.

**Crime de guerre** : Fandikana ny lalàna sy fomba momba ny ady. Ny famonoana olona mandritry ny ady dia voafaritra tamin'ny fifanarahana iraisampirenena indrindra ny tany Roma ( andalàna Faha 8). Anisan'ny tsy azo atao ny mamono olona sivily, babo an'ady. Ny famonoana olona nataon'ny fitondrana nazi tamin'ny ady lehibe faharoa dia famonoana olona tsy nanaraka ny fifanarahana iraisam-pirenena.

**Crise économique** : krizy aratoekarena. Fitontonganana tampoka ny tontolo ara-toekarena ary tsy misy intsony taratra mazava entina anavaozana na anarenana azy. Ny fihemoran'ny toe-karena dia miteraka fitontonganana ihany koa eo amin'ny lafiny ara-tsôsialy. Mitombo ny orin'asa mikatona ary mitombo araka izany koa ny tsy an'asa. Midina ny fari-piainan'ny olona marobe. Mety koa mikoroso fahana ara-tsôsialy ny firenena manerana an'izao tontolo izao. Tamin'ny taona 1929, noho ny krizy ara-toekarena vokatry ny fihenen-danjan'ny dôlara dia nahita an'izany krizy maneran-tany izany. Tamin'ny taona 2008, noho ny pôlitika ara-bola tsy ampy fahamatorana ( famarotana trano an'ny olona tsy ampy fidiram-bola) nataon'ny banky amerikana dia maro ny banky amerikana sy eorôpeana saika nikatona raha tsy nampian'ny fanjakana sy ny banky foibe. Mbola misedra ny vokatr'izany ny firenena maro amin'izao fotoana izao.

**Croissance** : Harin-karena ; tahan'ny harin-karena faobe (PNB) na ny harin-karena anatiny (PIB). Ny fikajiana ny fivoaran'ny harin-karena isan-taona na miroborobo na mihemotra dia vokatry ny fampitahana ny harinkarena tamin'ny taon-dasa. Misy karazany roa ny harin-karena : Harin-karena mivelatra ( croissance extensive) dia ilazana ny fitomboan'ny asa. Ny harin-karena mafonja (croissance intensive) kosa dia midika ny fitomboan'ny foto-drafitr'asa isan-karazany izay hampitombo ny asa sy fanatsarana ny entimanana ho entina mamokatra toy ny làlana, telezana, trano… Raha toa ka mitombo haingana noho ny fitombon'ny mponina ny harin-karena dia tsy miakatra ny harin-karena. Ny mpiasa tsy manara-dalàna sy ny asa tsy manara-dalàna ( informel) dia tsy voaray ao anatin'ny kaonty.

**Cumul (de mandats)** : fahafahana manantanteraka andraikitra maro. Tamin'ny Repoblika voalohany, ny olom-boafidy dia afaka misahana andraikitra maro : ben'ny tanàna no sady depiote ohatra.

***Fetra Ramamonjy***

ETAZONIA-MADAGASIKARA

# Tanora malagasy 3 hianatra any amin'ny Akademia Miaramila any Etazonia

Nampahafantarin'ny Mpiandraiki-draharaha Amerikana, Stuart Wilson, sy ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena malagasy omaly ireo tanora malagasy telo voafantina handranto fianarana amin'ny Akademia Miaramila any Etazonia. Stania Charby Mpandresy, 21 taona, dia hiofana ao amin'ny Air Force Academy any Colorado Springs - Colorado, Santa Andrianaivo, 19 taona, dia hianatra ao amin'ny Coast Guard Academy ao New London – Connecticut, ary Faniry William Tahiantsoa Andriamihaja, 20 taona, dia hiofana ao amin'ny Naval Academy ao Annapolis - Maryland. An'arivony isan-taona ny isan'ireo tanora avy amin'ny firenena maneran-tany mifaninana hiditra amin'ny iray amin'ireo Akademia Miaramila efatra any Etazonia. Dimampolo ny isan'ny toerana natokana ho an'ireo tanora tsy teratany amerikanina tamin'ity taona ity ka ireto tanora malagasy ireto no nahazo ny telo tamin'ireo toerana ireo. Vokatra izay sady nasongadin'ny Mpiandraiki-draharaha Amerikana, Stuart Wilson, tao anatin'ny lahateniny no nankasitrahan'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena malagasy. Ato anatin'ny tapa-bolana ireto tanora ireto no hanomboka ny fianarany ary ny taona 2022 no hiverina eto an-tanindrazana, hanatevin-daharana ny tafika malagasy ary hampihatra sy hizara ny traikefa izay noratoviny tany Etazonia. Galona mitovy lenta amin' ny sous-lieutenant no hoentin'izy ireo rehefa tafaverina eto an-tanindrazana.

***Isambilo***

Andilanatoby-Ambatondrazaka

# Fiarakodia mpitatitra nifandona tamin'ny fiara vaventy mpitatitra entana

Olona enina no naratra vokatry ny fifandonana mafy niseho teo amin'ny fiarakodia mpitatitra iray avy any Ambatondrazaka hihazo an' Antananarivo, sy ny fiara vaventy mpitatitra entana teo akaikin' Andilanatoby ny marainan'ny alarobia teo. Tsy fantatra na tratran'ny torimaso fotsy ny mpamily ilay fiara vaventy hoy ireo mpandeha na ahoana, fa tany amin'ny lalan'ilay fiara mpitatitra indray izy no nandeha ka nahatonga izao loza izao. Potika tanteraka ny lohan'ilay fiarakodia mpitatitra olona vokatr'izany. Tsy nisy anefa ny aina nafoy na dia mafy aza ny fifandonana teo amin'ireto fiara anankiroa ireto. Tato ho ato dia hita ho nateti-pihavy ny lozampifamoivoizana taty Alaotra. Vao tsy ela akory izay ilay tranga namoizana ain'olona tao amin'ny R.N.3.A iny, izay fantatra fa mbola tsy nikombona ny fery tamin'ireo naratra dia izao indray tao Andilanatoby. Ankoatra ny fiarakodia dia eo ihany koa ny loza hafitsoky ny kubota izay betsaka mpampiasa aty Alaotra. Ny faran'ny herinandro teo, kubota iray no latsaka tany ambany tetezana tao amin'io lalam-pirenena faha-44 io ihany. Tsy nisy ny aina nafoy fa ny fahasimbanjavatra no hita ho navesatra. Vanim-potoana iasan'ireny milina ireny rahateo ny amin'izao miaka-bokatra izao.

***Raoul***

Ambasadin'i Japon

# Manomana fifaninanana mikabary amin'ny fiteny Japone

Miditra amin'ny andiany faha-27 amin'ity taona 2018 ity ny fifaninanana mikabary amin'ny fiteny Japone, karakarain'ny Ambasadin'i Japon eto amintsika, miaraka amin' ny fikambanan'ny mpampianatra ny teny Japone eto Madagasikara, ny Ong Sakura ary ny Federasiona ny lalao Go eto Madagasikara. Izany fifaninanana izany dia hatao anio sabotsy 9 jona manomboka amin' ny 1 ora tolakandro eny amin'ny Hotel Panorama Andrainarivo, maimaimpoana ny fidirana amin' ity fifaninanana ity. Ny loha-hevitry ny fifaninanana amin'ity taona ity dia : "fampitahana ny kolontsaina sy ny lamaody amin'ny fomba fiainan'ny japone sy ny Malagasy", afaka misafidy loha-hevitra hafa koa anefa ny mpifaninana. Amin'io fotoana anio tolakandro io ihany dia ho fantatra ireo mpandresy amin'izao fifaninanana izao, hisy avy hatrany avy eo ny loka homen'ny Masoivohon'i Japon eto amintsika. Ankoatra io fifaninanana io, hisy ihany koa ny fampianarana mamoriporitra na pliage taratasy japone na Origami sy fifaninanana milalao Go ho an'ny be sy ny maro.

***Aly***

Rabemihoatra Mino

# Natao laharampahamehana ny barazy

Na tsy mahazo famatsiam-bola avy amin'ny fitondram-panjakana aza hoy ny ben'ny tanànan' Ambohitrimanjaka, Rabemihoatra Mino, dia tsy maintsy miasa isika. Santionany amin'izany ny fanamboaran-dàlana ao an-tampon-tanànan' Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo. Volan'ny kaominina tamin' ny alàlan'ny hetra naloan'ny mponina no nahavitana ity fanamboaran-dàlana ity raha ny fanazavany ary ezahina ho vita ao anatin'ny tapabolana izany làlana izany. Fa ankoatr'izay, dia vita ihany koa ny barazy fampidiran-drano mamatsy ny tanimbary eny anivon'ny kaominina Ambohitrimanjaka ary hiroso amin'ny fanadiovana lakan-drano indray izao raha ny fanazavan' ny ben'ny tanàna ihany. Tanjona amin'izany ny fanatsarana ny vokabary ka hampakatra avo roa heny ny vokatra amin'ity taom-pamokarana ity. Izy io kosa dia niarahana tamin'ny minisiteran'ny fambolena sy ny fiompiana. Tsy ny sehatry ny fambolena ihany no natao laharam-pahamehana, fa eo ihany koa ny sehatry ny fampianarana toy ny fahavitan'ny "salle laboratoire" sy ny fanampiana efitrano fianaran'ny mpianatra ao amin'ny Epp Ambodivona sy Apiriaka samy ao anatin'ny kaominina ihany. Ankoatr' izay dia hikarakara fifaninanana fanatanjahantena eo amin'ny baolina kitra, basket, pétanque ary volley-ball ny kaominina, ka ny 25 Jona ho avy izao ny fizarana ny loka ho azy ireo. Tsy mitsahatra hatreo akory ny fampandrosoana hoy ny ben'ny tanàna fa tsy maintsy hotohizana hatrany izany na dia misy aza ny fanaratsiana ataon'ny sasany eo amin'ny samy mpanao pôlitika.

***Rajo***

Amparafaravola

# Nisy namafy maloto tao an'efitrano fianarana tao amin'ny Lisea

Nisy namafy maloto naparitaka eran'ny efitrano fianarana tao amin'ny lisea Amparafaravola. Gaga avokoa ny rehetra nahita ity tranga ity izay hita ho fanimbazimbana ny mahaolona sy ny tontolon'ny fanabeazana. Tsy fantatra na mpamosavy na mpisotasota na mpianatra no nahavanona izao zava-doza izao hoy ny olona sy ireo mpanabe any an-toerana, fa ny fepetra noraisin'izy ireo dia ny nam-panao fanadihadiana lalina ny mpitandro filaminana mahakasika izao tranga izao. Fantatra fa niteraka savorovoro teo anivon'ny fampianarana tany an-toerana ity raharaha ity, izay mbola andrasana hatreto ny vokatry ny fanadihadiana. Samy sorena avokoa na ireo olobe na ihany koa ireo tompon'andraikitra, indrindra fa ny ray aman-drenin'ny mpianatra, noho izao tranga izao, izay hita ho mamoafady. Tsy hary fahita taty Alaotra rahateo ny toe-javatra tahaka ity niseho ity.

***Raoul***

Avy any am-pianarana

# Tsy rony tsy ventiny dia torana ilay tovovavy

Vao nigadona ny trano ilay kalakely dia nihiakiaka sy nanao delira fotsiny izao. Tsy vitan'izany, fa sady nivadika nitomany avy eo ary tsy tompon'ny tenany intsony izy. Nikoropaka ny fianakaviana satria tsy fanaony mihitsy ny toa io ary nentina haingana tany amin'ny dokotera. Tsy fanta-pototra anefa ny aretina hoy ny dokotera fa aleo ianareo mitady mpitsabo malagasy afaka manaisotra ity aretina ity fa tsy vitako io. Teo noho eo ihany dia nikoropaka nitady an'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo izy roa ka telopolo minitra monja dia sitrana ilay kalakely.

**Folo minitra dia sitrana rehefa nokarakaraina**

Vao nigadona ny trano fitsaboana tetsy amin'ny 67 Ha atsimo fotsiny ny ray aman-drenin'ity tovovavy ity dia izao no navalin'ilay mpitsabo taminy. Vantany vao niantso ahy fotsiny ianareo hoy izy dia nijanona avy hatrany ny hiakiaka sy korontana nataon'io tovovavy io satria "pouvoir" manokana nananako no mampitsahatra avy hatrany ny zavatra mitranga raha vao niantso ny anarako fotsiny. Mosavin'olona io hoy izy ary tsy lavitra fa samy izy mpiray lakilasy ihany no nifamosavy. Sipa saika hifandrombahana no antony hoy ilay mpitsabo satria tovolahy manam-bola sy fiara ary te-hiaraka amin'ny mpianatra tsara tarehy no saika hiarahany, saingy nofitahin'ilay namany izy kanjo mbola izy no tian'ilay tovolahy ka nataon'io tovovavy io izay haminganana azy tamin'ny alàlan'ny mosavy. Nampitondraina fanefitra avy hatrany ilay reniny ary nisy zavatra ahosotra amin'ny lohany ihany koa. Vao nigadona ny trano anefa izy mivady dia nitroatra sy nihiakiaka indray ilay tovovavy ka vao nofafazana ilay rano fanefitra nomen'ilay mpitsabo dia namitsaka sy nalemy avy hatrany. Natao haingana ny fombafomba natoron'ilay mpitsabo ka folo minitra taorian'izay dia nahatsiaro tena ilay kalakely ary sitrana avy hatrany. Niaiky izy mivady fa mahay tokoa ity mpitsabo ity satria efa saika lany haiky tamina dokotera sy mpitsabo hafa fa tsy nahita mangirana. Soa fa teo ianao hoy izy roa nikarakara ny zanakay, fa raha tsy izany dia na maty, na lasa adala mandrakizay izy.

***Ny Akama***

Antsoso-Betafo

# Mpivarotra iray notafihin'ny andian-jiolahy miisa 30

Manararaotra toy ny banga mihomehy alina tanteraka ny jiolahy sy ny andian-dahalo any ambanivohitra any na dia tsy re tsaika aza. Etsy andaniny kosa dia misy ihany ny ezaka ataon'ny mpitandro filaminana amin'ny ady atao amin'izy ireo saingy mipoitra ihany ny asa ratsiny. Lasibatry ny asanjiolahy indray mantsy ny mpivarotra, ankoatry ny asan-dahalo, mpivarotra iray indray no lasibatry ny jiolahy tany amin'ny kaominina Antsoso-Betafo ny alin'ny alatsinainy hifoha talata lasa teo. Tokony ho misasakalina ireo jiolahy nanodidina ny 30 tany ho any no tonga tao amin'ny fokontany Tsarahasina, izay nambara ho nirongo fitaovam-piadiana. Nanapoapoaka basy ireo jiolahy tamin'izany ka tsy nisy nivoaka ny trano ny iray Tanàna. Tokantrano iray manamanan-katao ao an-toerana ity novantanin'ny jiolahy ity ary tao ambany rihina avy hatrany izy ireo no niditra, izay sady toeram-pivarotan'ireo tompon-trano. Nanara-po tao ambany ireo jiolahy ary nikasa hiakatra tao amin'ny rihina ambony nisy ny tompon-trano saingy tsy vitan'izy ireo izany, raha ny fanazavan'ny mpitandro filaminana. Ireo entam-barotra araka izany no nanaranan'ireo jiolahy fo , niampy vola tao am-pivarotana izay voalaza fa nanodidina ny 1 tapitrisa ariary tany ho any. Nandritra ny nahatafiditra ireo jiolahy tao am-pivarotana dia afaka niantso mpitandro filaminana ihany ireo mpivarotra ka nalaky tonga ireo, nitsoaka ireo jiolahy. Soa fa tsy tafiditra ny trano nisy ireo fianakaviana ireo andian-jiolahy am-polony ireo, satria dia ny hikaroka olona tao mihitsy no tanjon'izyireo raha ny fandrenesan'ny tao an-trano ny firesak'ireo jiolahy ireo sy ny fandrahonana nataony ny tompon-trano.

***Lezama***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filaharam-be nataon'ny kaominina sy ny mpomba ny filoha Ravalomanana teo amin'ny kianjan'ny 13 mai omaly.



















